




HARATON'AINA
Filets de Sécurité et de Résilience



Ny Haraton'aina Les filets sociaux



Ankohonana
maheri'ny

1 980 000

hiroso amin'ny fahavitan-tena

1,980 millions de familles vers
l'autonomie



Ny haraton'aina dia manohana ireo ankohonana sahirana sy marefo hampiroborobo ny harena maha olona, hanatsara ny famokarana ary ho lasa mahaleo tena ara-toe-karena kokoa.

Manamafy ihany koa ny fahafahan'ireo vondrom-piarahamonina hatrika sy hiarina manoloana ireo tranga sarotra samihafa (rivodoza, haintany, fiakaran(ny vidim-piainana, sns.) izy.

Eto Madagasikara, nanomboka tamin'ny 2016, ny tetikasa **Haraton'aina (FSS-FSR)** dia nahafahana nanohana **ankohonana maherin'ny 1,980 tapitrisa hiroso amin'ny fihatsaram-piainana sy fahavitan-tena.**

Les filets sociaux soutiennent les familles en situation de pauvreté et de vulnérabilité afin qu'elles puissent développer le capital humain, améliorer leur productivité et être économiquement plus autonomes.

Ils améliorent la capacité des communautés à faire face aux situations difficiles (cyclones, sécheresse, flambée des prix, etc.) et à s'en relever.

*A Madagascar, les filets sociaux, à travers les projets **Filets Sociaux de Sécurité (FSS)** et **Filets de Sécurité et de Résilience (FSR)**, ont permis, depuis 2016, de soutenir plus de **1,980 millions de familles vers de meilleures conditions de vie et vers l'autonomie.***





Ny Haraton'aina ho an'ny fiovana ara-piarahamonina mampiaty Les filets sociaux, pour une transformation sociale et inclusive

Ireo fandaharanasa fiahiana mpiara-belona no haraton'aina manohana ireo ankohonana hampihatra ireo fihetsika manatsara ny fiainam-pianakaviana, hitsinjo ny tontolo iainana ary hampivelatra ny asa fihariany.

Ireo fandaharanasa ireo dia manova ny fifandraisana ara-piarahamonina noho ny fanetsehana ny firaisankina, ny fifanakalozana traikefa, ny famoronana asa sy fandraharahana sady mampiroborobo ny fampiatiana ara-toe-karena sy ny fandraisana andraikitra.

Ny Haraton'aina dia ahitana ireo fandaharanasa :

● **Manamafy ny harena maha olona sy ny fahaleovan-tena ara-toekarena**

. **Asa Avotra Mirindra** : ho fanatsarana ny famokarana, ny harena maha olona sy ho fiarovana ny tontolo iainana, tokantrano mpisitraka **195 500** isa

. **Vatsin'Ankohonana** sy **Fiavota** : ho fanohanana ny fanabeazana, ny fanatsarana ny fiainam-pianakaviana sy ny fihariana, tokantrano mpisitraka **453 500** isa

● **Mitondra fanohanana haingana raha sanatria misy dona**

. **Asa Vonjy Voina** : ho fanarenana haingana ireo vondrom-piarahamonina traboina sy ho fanohanana azy ireo amin'ny filany fototra, tokantrano mpisitraka **1 340 000** isa

Les programmes de protection sociale sont des filets sociaux qui accompagnent les familles vers l'adoption de pratiques de bien-être, la protection de l'environnement et le développement d'activités génératrices de revenus.

Ils transforment les dynamiques communautaires, en stimulant la solidarité, les échanges de savoirs, l'emploi et l'entrepreneuriat, tout en favorisant l'inclusion économique, l'engagement citoyen et environnemental durable.

Les programmes de filets de sécurité comprennent :

● **Pour améliorer le capital humain et favoriser l'autonomie économique**

. **Asa Avotra Mirindra** - des filets sociaux productifs qui promeuvent l'amélioration de la productivité, du capital humain et la préservation de l'environnement **195 500** ménages bénéficiaires

. **Vatsin'Ankohonana et Fiavota** - des transferts monétaires pour le développement humain qui favorisent l'éducation, le bien-être de la famille et l'amélioration des revenus **453 500** ménages bénéficiaires

● **Pour apporter un soutien immédiat face aux crises et catastrophes**

. **Asa Vonjy Voina** - des interventions d'urgence qui permettent aux ménages affectés de répondre à leurs besoins essentiels et favorisent le relèvement rapide des communautés Près de **1 340 000** ménages bénéficiaires




ASA AVOTRA MIRINDRA

Tokantrano mpisitraka

195 000 isa

*195 500 ménages
bénéficiaires*



VATSIN'ANKOHOMANA

FIAVOTA

Tokantrano mpisitraka

453 500 isa

*453 500 ménages
bénéficiaires*



ASA VONJY VOINA


Tokantrano mpisitraka

1 340 000 isa

*1 340 000 ménages
bénéficiaires*



Ireo Faritra nisitraka ny tetikasa **Haraton'aina** nanomboka ny taona 2016
Les Régions bénéficiaires des projets de **filets sociaux** depuis 2016



Ireo Faritra sy Distrika hanatanterahana ny tetikasa **Haraton'aina**

Les Régions et Districts d'intervention des projets de **filets sociaux**

REGIONS	DISTRICTS
ALAOTRA MANGORO	Ambatondrazaka
	Amparafaravola
	Andilamena
	Anosibe-An'Ala
	Moramanga
AMORON I MANIA	Ambatofinandrahana
	Ambositra
	Fandriana
	Manandriana
ANALAMANGA	Ambohidratrimo
	Andramasina
	Anjozorobe
	Ankazobe
	Antananarivo Atsimondrano
	Antananarivo Avaradrano
	Antananarivo Renivohitra
	Manjakandriana
ANALANJIROFO	Fenerive Est
	Mananara-Avaratra
	Maroantsetra
	Sainte Marie
	Soanierana Ivongo
	Vavatenina
ANDROY	Ambovombe-Androy
	Bekily
	Beloha
	Tsihombe
ANOSY	Amboasary-Atsimo
	Betroka
	Taolagnaro
ATSIMO ANDREFANA	Ampanihy Ouest
	Ankazoabo
	Benenitra
	Beroroha
	Betioky Atsimo
	Morombe
	Sakaraha
	Toliary-I
	Toliary-II
ATSIMO ATSIANANANA	Befotaka
	Farafangana
	Midongy-Atsimo
	Vangaindrano
	Vondrozo
ATSIANANANA	Antanambao Manampontsy
	Brickaville
	Mahanoro
	Marolambo
	Toamasina I
	Toamasina II
	Vatomandry
BETSIBOKA	Kandrehô
	Tsaratanana
	Maevatanana
BOENY	Ambato Boeni
	Mahajanga I
	Mahajanga II
	Marovoay
	Mitsinjo
	Soalala
BONGOLAVA	Fenoarivobe
	Tsiroanomandidy
DIANA	Ambanja
	Ambilobe
	Antsiranana I
	Antsiranana II
	Nosy-Be
FITOVINANY	Ikongo
	Manakara Atsimo
	Vohipeno
HAUTE MATSIATRA	Ambalavao
	Ambohimahasoa
	Fianarantsoa I
	Ikalamavony
	Isandra
	Lalangina
	Vohibato
IHOROMBE	Iakora
	Ihosy
	Ivohibe
ITASY	Arivonimamo
	Miarinarivo
	Soavinandriana
MELAKY	Ambatomainty
	Antsalova
	Besalampy
	Maintirano
	Morafenobe
MENABE	Belo Sur Tsiribihina
	Mahabo
	Manja
	Miandrivazo
	Morondava
SAVA	Andapa
	Antalaha
	Sambava
	Vohemar
SOFIA	Analalava
	Antsohihy
	Bealanana
	Befandriana Nord
	Mampikony
	Mandritsara
	Port-Berge (Boriziny)
VAKINANKARATRA	Ambatolampy
	Antanifotsy
	Antsirabe I
	Antsirabe II
	Betafo
	Faratsiho
	Mandoto
VATOVAVY	Ifanadiana
	Mananjary
	Nosy-Varika

Filets Sociaux de Sécurité (FSS)

Filets de Sécurité et de Résilience (FSR)



Ankohonana mamokatra sy mahaleo tena ara-toekarena kokoa **Des ménages producteurs et plus autonomes économiquement**

Ireo fiofanana momba ny teknikam-pamokarana, ny fanabeazana ara-bola ary ny fampiroboroboana ny fanaovana tahiry sy ny fampiasam-bola dia manamafy ny fahafahan'ireo vondrom-piarahamonina hampivelatra ny fihariana sy hanatsarana amin'ny fomba maharitra ny fidiram-bolany.

Ny fanohanana ny asa fihariana dia manentana ihany koa ny fandraharahana, ny toekarena eny ifotony ary mandray anjara amin'ny famoronana asa.

Les formations en techniques agricoles et en éducation financière, associées à la promotion de l'épargne et de l'investissement, renforcent les capacités des communautés à développer des activités économiques et à améliorer durablement leurs revenus.

Le soutien aux activités génératrices de revenus favorise également l'entrepreneuriat, stimule l'économie locale et contribue à la création d'emplois au sein des communautés.



7 105 isa

ireo **VOAMAMI** natsangana,
izay manamora ny fanaovana
tahiry sy ny fampiasam-bola
hananana loharanom-bola
maharitra

*7 105 Associations
villageoises d'épargne et de
crédit (AVEC) créées*



eo amin'ny

180 000 isa

ireo ankohonana mpisitraka
no mikambana ao anatin'ny
VOAMAMI

*+180 000 ménages
bénéficiaires membres des
AVEC*



kooperativa

76 isa

no tafajoro

*76 coopératives
constituées*



+ 80%

ireo mpisitraka nanangana
asa ho loharanom-bola

*+80% des bénéficiaires
ayant démarré des
activités génératrices de
revenus (AGR)*



Fandraharahana :

1,5 hatramin'ny **2** isa
ny asa teraka isaky ny asa
mampidi-bola iray

*Dynamique
entrepreneuriale : 1,5 à
2 emplois indirects
générés par chaque
AGR*



+ 60%

ireo mpisitraka dia mampiha-
tra ireo fomba fambolena sy
fiompiana mamokatra sy
maharitra kokoa

*60% des bénéficiaires
adoptant des pratiques
agricoles plus
productives et durables*





Fihatsaran'ny fiainam-pianakaviana Une qualité de vie améliorée au sein des familles

Manamora ny fisitrahan'ireo ankohonana ireo tolotra fototra ny haraton'aina, indrindra ny fanabeazana izay manokatra lalana vaovao ho an'ireo ankizy.

Ireo tantsoroka dia mampivoatra ny fiainam-pianakaviana : fanatsarana ny fanjariantsakafo sy ny fahasalamana, fifandraisana eo amin'ny ray aman-dreny sy ny zanaka, fampianarana mamaky teny sy manoratra ary mikajy ho an'ny olon-dehibe.

Manamafy ny fahatokisan-tenany ireo vehivavy ary lasa mandray andraikitra bebe kokoa eo anivon'ny tokantranony sy ny fiarahamonina.

Les filets sociaux favorisent l'accès aux services essentiels, notamment à l'éducation, offrant aux enfants de nouvelles perspectives.

Les accompagnements créent une dynamique positive au sein des familles : amélioration de la nutrition et de la santé, meilleures interaction parents-enfants, alphabétisation des adultes.

Les femmes gagnent en confiance et deviennent plus responsables au sein de leur foyer et de la communauté.



70%

ny tahan'ny fandehanana eny amin'ny tobim-pahasalamana sy toby fanjariantsakafo

+70 % de taux de fréquentation des centres de santé de base et sites nutritionnels



+165 000 isa

ireo ankizy nentanina tamin'ny hetsika fandrani-tan-tsaina teny anivon'ny akanin-jaza

+165 000 enfants stimulés dans les crèches mobiles et garderies



+1 000

ireo toby fampianarana ireo olon-dehibe napetraka

+ 1 000 centres d'alphabétisation des adultes mis en place



+ 27 900

ireo ankohonana mpisitraka nahazo fampianarana mamaky teny sy manoratra ary mikajy

+27 900 bénéficiaires alphabétisés



96%

ny tahan'ny fitozoanan'ireo ankizy zanaky ny mpisitraka amin'ny fianarana

Taux d'assiduité scolaire des enfants des ménages bénéficiaires à 96%



+ 60%

ireo mpisitraka no nanatsarana ny fanjariantsakafony amin'ny fampiharana ireo teknikam-pamokarana vaovao sy fanomezan-danja ny vokatry

60 % des bénéficiaires ont amélioré leur nutrition en adoptant de nouvelles techniques de production et de valorisation des spéculations



Mitombo ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny fanapahan-kevitra eo anivon'ny tokan-tranony

+16 isa

ny taha tao anatin'ny 2 taona niasan'ny tetikasa

Les femmes sont davantage impliquées dans les décisions du foyer : +16 points en deux ans





Fitandroana ny tontolo iainana maka faka Une **responsabilité environnementale** ancrée

Ireo fanentanana sy fiofanana ho fiarovana ny tontolo iainana dia manamafy ny fahafahan'ireo vondrom-piarahamonina hiatrika ny vokatry ny fikorontanan'ny toetrandro.

Noho ireo fomba famokarana mirindra mitsinjo ny tontolo iainana sy ny olona dia voaaro amin'ny lavaka sy ny riaka ny tany ary voajary, mitombo ireo velaran-tany nambolen-kazo ary mihatsara ny fitantanana ireo harena voajanahary. Ireo hetsika ireo dia mandray anjara amin'ny fanovana maharitra ny endriky ny tontolo sy ny fitsinjoana ny asa fiveloman'ny mponina.

Les sensibilisations et formations environnementales renforcent les capacités des communautés à faire face aux effets du changement climatique.

Grâce aux pratiques durables de permaculture, les sols sont préservés de l'érosion, les terres dégradées sont restaurées, les espaces reboisés et les ressources naturelles mieux gérées. Ces actions contribuent à transformer durablement les paysages et à préserver les moyens de subsistance des populations.



4 794 ha

ny velaran-tany voavoly hazo

*4 794 hectares de surface
reboisée*



7 188 ha

ny velaran-tany nampiasaina
ireo fepetra fitahirizana ny
nofon-tany sy ny rano

*7 188 hectares de surface
traitée avec les mesures de
conservation du sol et de
l'eau*



12 990 994 isa

ny zana-kazo novokarina

*12 990 994 de jeunes
plants produits*



121 000 isa

ireo ankohonana mirotsaka
amin'ny fitantanana sy
fanodinana ny fako

*+121 000 ménages
engagés dans la gestion
et le recyclage des
déchets*





Fientanan'ny fiarahamonina

Une **dynamique communautaire** stimulée

Ny haraton'aina dia mampiroborobo ny firaisankina sy ny fandraisan'ny fiarahamonina andraikitra.

Ny fisian'ireo mpiantsehatra eny ifotony, toy ny reny mavitrika sy ny komity mpiahy ny mpiara-belona, dia nampivoitra ny fahaiza-mitarika eny ifotony.

Mifandrindra, amin'ny alalan'ny kooperativa sy fikambanana, ny fiarahamonina ary miara-mientana amin'ny fanatanterahana asa iraisana izay manamafy ny fifanampiana.

Ny fivoaran'ireo ankohonana mpisitraka dia nitarika ireo mpiray monina hampihatra ireo fihetsika miabo eo amin'ny lafiny ara-pianakaviana, ara-pamokarana ary ara-bola.

Les filets sociaux renforcent la cohésion sociale, la solidarité et l'engagement communautaire.

L'implication des acteurs locaux, notamment les mères-leaders et les comités de protection sociale, favorise l'émergence d'un leadership de proximité.

Les communautés s'organisent au sein de coopératives et d'associations, développent des initiatives collectives et renforcent l'entraide.

Les progrès des ménages bénéficiaires créent un effet d'entraînement encourageant l'adoption de pratiques positives au sein de l'ensemble de la communauté.



Vokatry ny fizarana :

+60%

% ireo ankohonana tsy mpisitraka nampihatra ireo fomba fanao miabo

*Effet d'entraînement :
+60% des ménages non
bénéficiaires adoptent les
bonnes pratiques*



Nihatsara ny fiarahamonina sy ny fandriam-pahalemana eny amin'ny faritra sasany

*Stabilisation des zones
sensibles : baisse des
tensions sociales et de
l'insécurité*

** A l'exemple du District
d'Isandra, des régions
Anosy et Androy*



17 188 isa

ireo reny mavitrika voahofana hitarika sy hanentana ny fiarahamonina

*17 188 mères-leaders
formées pour
l'animation
communautaire*



10 835 isa

ireo mpikambana amin'ireo komity mpiahy ny mpiara-belona napetraka

*10 835 membres de
comités constitués pour
la médiation locale*



Nanangana trano fitahirizam-bokatra ireo VOAMAMI ary nametraka fiantohana ara-pahasalamana hanamafisana ny fiaterehana ny dona

*Les AVEC ont initié des
silos communautaires et
des mutuelles de santé*





Fanamafisana ny fandraisan'andraikitra amin'ny maha olompirenena L'engagement citoyen renforcé

Noho ireo fanentanana sy ireo rafitra fifampitondran'ny samy olompirenena dia mahatsapa tsikelikely ny zony sy adidiny amin'ny maha olompirenena ny fiarahamonina.

Mandray anjara mivantana amin'ny fitantanana sy ny fanatsarana ireo asa atao eny ifotony ireo tokantrano mpisitraka, amin'ny alalan'ny fivoriana fanjohiana sy fanombanana ataon'ny fiarahamonina.

Ankoatra izay, manome sehatra fiarovana ny zo ho an'ny fiarahamonina ny rafitra filan-kevitra sy fitarainana.

Grâce aux sensibilisations et aux mécanismes de gouvernance citoyenne, les communautés renforcent leur compréhension de leurs droits et devoirs civiques.

Les ménages bénéficiaires participent activement à la gestion et l'amélioration des interventions à travers les sessions de suivi-évaluation communautaires.

Les dispositifs d'assistance et de conseils (gestion de plaintes) leur offrent un espace d'expression et de défense de leurs droits.





10 835

no mpikambana amin'ireo
komity mpiahy ny mpiara-be-
lona

*10 835 membres de
comités constitués pour la
médiation locale*





1 192 621

ireo ankizy nahazo ny kopia
nahaterahany

*1 192 621 enfants ayant
reçu leur copie d'acte de
naissances*





1 349

ireo toerana iasana misy ny
rafitra fanjohiana sy
fanombanana eny ifotony
ataon'ny fiarahamonina

*1 349 sites avec un
processus participatif
de suivi et d'évaluation
communautaires (SEC)
établis*



Azafady babako ho fiarovana ny ankizy amin'ny fanmbadiana aloha loatra

"Azafady Babako", protection de l'enfance contre le mariage précoce



9 024

ireo ankizy sy tanora
entanina eny anivon'ireo
vondrona miady amin'ny
fanambadiana aloha

*9 924 enfants et
adolescents mobilisés au
sein de clubs pour
prévenir le mariage
précoce*





8 035

ireo ray aman-dreny miditra
amin'ireo vondrona
momban'ny fiarovana ny
zon'ny ankizy.

*8 035 parents engagés
dans le club RAMATEZA
en faveur de la
protection des droits des
enfants*





Ny tantsoroka fampivoarana

Les **accompagnements** pour l'amélioration du capital humain et l'inclusion économique

Eo anivon'ireo fandaharanasa fiahiana mpiara-belona, ny tantsoroka dia fanainga iray ho an'ny **fahafahan'ny vondrom-piarahamonina matrika tranga sarotra**. Amin'ny alalan'ny fampiofanana, fanazàrana sy fanentanana dia mandray anjara amin'ny fahavitan-tenan'ireo ankohonana mpisitrika sy ny fanatsarana maharitra ny fari-piainany ireo tantsoroka.

Eny anivon'ireo **"Sehatra mahasoa"** sy **"Sehatra fanatsara famokarana"**, izay toerana hifampizarana sy hiofanana ireo ankohonana, no mahazo fahalalana sy fahaiza-manao mikasika ny fahasalamana, ny fanjariantsakafo, ny fanabeazana, ny fampivoarana ny ankizy madinika, ny tonotlo iainana, ny maha olom-pirenena ary ny fizakan-tenan'ny vehivavy ireo vondrom-piarahamonina. Mamporisika ihany koa amin'ny famoronana fananana iombonanan sy fanamafisahana ny fifandraisana ara-piarahamonina.

Eo amin'ny lafiny ara-toe-karena, ny tantsoroka dia manohana ny fampiatina ara-pamokarana sy ara-bola amin'ny alalan'ny fampiofanana ara-pambolena, ny fianarana mitantam-bola sy ny fampiroboroboana ny tahiry noho ny VOAMAMI. Manohana ihany koa ny fahafahana miditra amin'ny tsenam-barotra amin'ny alalan'ny fampiroboroboana fiaraha-miasa samihafa.

*Au cœur des programmes de protection sociale, les activités d'accompagnement constituent un levier essentiel de **résilience communautaire**. A travers des formations, des séances de coaching et des actions de sensibilisation, elles contribuent à renforcer l'**autonomie** des familles bénéficiaires et à **améliorer durablement leurs conditions de vie**.*

*Organisés au sein des **Espaces de bien-être** et des **Espaces productifs**, lieux d'échanges et d'apprentissage communautaire, ces accompagnements offrent aux communautés des connaissances et des compétences pratiques en matière de santé, nutrition, éducation, petite enfance, environnement, citoyenneté et autonomisation des femmes. Ils encouragent également la création d'actifs communautaires et le renforcement des liens sociaux.*

*Sur le plan économique, ils soutiennent l'inclusion productive et financière à travers des formations agricoles, l'éducation financière, la promotion de l'épargne via les **Associations Villageoises d'Épargne et de Crédit (AVEC)** ainsi que l'accès aux opportunités de marché grâce aux partenariats développés.*





« Noho ny **Tosika Fihariana** dia afaka nanatanteraka ny vinany i Luciana »

Efa naniry ny hiompy kisoa hatry ny ela i RAVAOSOA Luciana, saingy tsy nanana ny enti-manana hanombohana izany. Rehefa nahazo ny Tosika Fihariana, izay fanampiana ara-bola hampivelarana asa fihariana tao anatin'ny Asa Avotra Mirindra, izy dia afaka niroso amin'ny fanatanterahana izay vinany izay. Ankehitriny, mitombo miandalana ny fiompiany ary lasa loharanom-bola ahafahany manatsara ny fari-piainany sy manomana ny hoaviny.

« Grâce au **fonds de soutien**, Luciana concrétise son projet »

Depuis longtemps, RAVAOSOA Luciana rêvait de se lancer dans l'élevage porcin, sans disposer toutefois des moyens nécessaires pour concrétiser ce projet. Grâce au Fonds de soutien, un appui monétaire à l'investissement dans le cadre du programme Asa Avotra Mirindra, elle a pu franchir le pas et se consacrer à cette activité. Aujourd'hui, son élevage se développe progressivement et devient une source de revenus lui permettant d'améliorer ses conditions de vie et de préparer sereinement son avenir.

RAVAOSOA Luciana, mpisitraka /bénéficiaire Asa Avotra Mirindra, Kaominina Karianga, Vondrozo - Atsimo Atsinanana.



Asa Avotra Mirindra, manatsara ny famokarana eny ifotony sy mitandro ny tontolo iainana

Asa Avotra Mirindra, les filets sociaux productifs pour améliorer la productivité et préserver l'environnement

Asa Avotra Mirindra dia fandaharanasa fiahiana mpiara-belon'ny Governemanta malagasy mikendry ny fanatsarana famokarana ary mitandro ny harena maha olona.

Ny fandaharanasa dia **manamafy ny fahaiza-manaon'**ireo vondrom-piarahamonina marefo noho ireo fampiofanana, **mamorona asa** amin'ny alalan'ny asa mamokatra iombonana ary mampiroborobo ny fampiharana ireo fomba fanao **manatsara ny fidiram-bola**, ny **tontolo iainana**, ny **fiainam-pianakaviana** ary ny **fahavitan-tena** ara-toe-karena.

Fanatanterahana :

- Fampiofanana mikasika ny teknikam-pamokarana nohavaozina
- Asa fanajariana ny tany, fepetra fitahirizana ny nofon-tany sy ny rano, fambolén-kazo
- Tantsoroka fampivoarana : fiofanana sy fanentanana mifantoka amin'ny fanatsarana ny fiainam-pianakaviana, ny fiainam-piarahamonina, ny fitantanana ara-bola, ny fampiroboroboana ny asa fihariana
- Rafitra filan-kevitra sy fitantanana ireo ambana ara-tontolo iainana sy ara-tsosialy

Asa Avotra Mirindra est un programme de protection sociale du Gouvernement malagasy qui vise à améliorer la production agricole durable et préserver le capital humain.

Le programme **renforce les compétences des communautés** vulnérables grâce à des formations, crée des **emplois** temporaires à travers des travaux communautaires productifs et favorise l'adoption de pratiques **améliorant les revenus**, la protection de l'environnement, le **bien-être** des ménages et leur **autonomie** économique.

Mise en œuvre :

- Formations techniques sur les pratiques agricoles améliorées
- Travaux d'aménagement, mesures de conservation de sol et de l'eau, reboisement
- Accompagnements pour l'amélioration du capital humain et l'inclusion économique : formations et sensibilisations sur le bien-être familial, la vie communautaire, la gestion financière, le développement d'activités génératrices de revenus
- Mécanisme d'assistance et de conseils, gestion des risques environnementaux et sociaux





Vatsin'Ankohonana sy Fiafava, mampiroborobo ny fototra maha olona sy ny fihariana

Vatsin'Ankohonana et Fiafava, les transferts monétaires pour le développement humain améliorant le capital humain et les revenus



Vatsin'Ankohonana sy **Fiafava** dia fandaharanasa fiahiana mpiara-belon'ny Governemanta malagasy, ho fanamafisana ny foto-karena maha olona.

Ireo fandaharanasa ireo dia manohana ireo ankohonana marefo amin'ny **fampianarana** sy **fampivoarana** ny zanany mba ahafahan'izy ireo manana asa mendrika any aorina. Izy ireo dia manatsara ny **fahasalamana** sy ny **fanjariantsakafo**, mampiroborobo **fidiram-bola maharitra** ary manentana amin'ny fihetsika mahomby ho an'ny **fiatsaram-piainana** ary ny **fahavitan-tena ara-bolan'**ireo tokantrano.

Fanatanterahana :

- Tantsoroka fampivoarana : fiofanana sy fanentanana mifantoka amin'ny fanatsarana ny fiainam-pianakaviana, ny fiainam-piarahamonina, ny fitantanana ara-bola, ny teknikam-pamokarana sy fiompiana navaozina, ny fampiroboroboana asa mampidi-bola
- Vatsy misy fepetra raisina isaky ny roa volana miankina amin'ny fahatongavan'ny ankizy tsy tapaka any an-tsekoly
- Rafitra filan-kevitra sy fitantanana ireo ambana ara-tontolo iainana sy ara-tsosialy

Vatsin'Ankohonana et **Fiafava** sont des programmes de protection sociale du Gouvernement malagasy qui visent à renforcer le capital humain.

Ces programmes soutiennent les familles vulnérables dans la **scolarisation** et le **développement de leurs enfants** pour qu'ils puissent avoir de meilleures opportunités d'emploi à l'avenir. Ils améliorent la **santé** et la **sécurité alimentaire**, renforcent les **moyens de subsistance durables** et encouragent des comportements propices au **bien-être** ainsi qu'à l'**autonomie financière** des ménages.

Mise en œuvre :

- Accompagnements pour l'amélioration du capital humain et l'inclusion économique : formations et sensibilisations sur le bien-être familial, la vie communautaire, la gestion financière, le développement d'activités génératrices de revenus
- Transferts monétaires conditionnés par l'assiduité scolaire des enfants, tous les deux mois
- Mécanisme d'assistance et de conseils, gestion des risques environnementaux et sociaux



« **Fahaleovan-tena** : miroso amin'ny fandraharahana eny ifotony »

Tao Ebelo, navadik'i Tema Françoise ho soa fanararaotra ny fahavitan'ny fandaharanasa Fiavota. Nivondrona miaraka amin'ny mpisitraka 24 hafa izy ary nampiasa ireo fahaiza-manao azony tamin'ny sehatra mahaso ka niroso amin'ny fanamboarana savony. Ankehitriny, mamokatra savony manodidina ny 100 isa isan-kerinandro ny vondrona ary mamatsy ny kaominina manontolo. Ny vola azo amin'izany dia manampy azy amin'ny fampianarana ny zanany sy ny fanatsarana maharitra ny fiainam-pianakaviana.

« **L'autonomie** en action vers l'entrepreneuriat local »

À Ebelo, Tema Françoise a transformé l'après-Fiavota en opportunité. Avec 24 autres bénéficiaires, elle s'est lancée dans la savonnerie en valorisant les compétences acquises lors des espaces de bien-être. Aujourd'hui, le groupement produit près de 100 savons par semaine et approvisionne toute la commune. Les revenus générés permettent désormais de soutenir la scolarisation de ses enfants et d'améliorer les conditions de vie de sa famille.

Tema Françoise, mpisitraka/ancienne bénéficiaire
Fiavota, Kaominina Ebelo, Amboasary Atsimo – Anosy



Asa Vonjy voina, ho fanarenana aingana ireo vondrom-piarahamonina traboina **Asa Vonjy Voina**, activités de réponses aux crises pour un relèvement rapide des communautés

Asa Vonjy voina dia fandaharanasa fiahiana mpiara-belon'ny Governemanta malagasy, tanterahina aorian'ny dona, ho fanarenana haingana ireo vondrom-piarahamonina marefo niharam-boina.

Ireto avy ny asa tanterahina ao anatin'ny fandaharanasa :

- **Asa tanamaro sandaina vola** ho fanomezana fidiram-bola vonjimaika ireo ankohonana marefo any amin'ireo faritra voakasika ;
- **Fanampiana ara-bola tsy misy fepetra** ho fanamafisana ny fahafahan'ireo vondrom-piarahamonina voakasika hiatrika dona ;
- **Fanarenana na fanorenana ireo fotodrafitrasa fototra** voakasiky ny loza ho famerenana amin'ny laoniny ny fanomezana ireo tolotra fototra ara-tsosialy.

Ny Birao nasionaly misahana ny loza sy ny tandindin-doza (BNGRC) no mandrindra sy manainga ny asa.

Asa Vonjy Voina est un programme de protection sociale d'urgence du Gouvernement malagasy pour soutenir le relèvement rapide des communautés vulnérables affectées par les crises.

Le programme de réponses aux crises comprend :

- Les **activités en haute intensité de main d'œuvre (HIMO)** pour pourvoir un revenu temporaire aux ménages vulnérables dans les zones touchées ;
- Les **transferts monétaires non conditionnels** pour renforcer la résilience aux chocs supplémentaires des communautés affectées ;
- La **réhabilitation/reconstruction des infrastructures** endommagées par les catastrophes naturelles pour rétablir la livraison de services sociaux de base.

Les interventions sont menées sous la saisine opérationnelle du Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes (BNGRC).



« Noho ny **Asa vonjy voina** dia afaka niantoka ireo filàna fototra izahay »

Nikorontana tanteraka ny fiainan'i Marcelline taorian'ny fandalovan'ny rivotsoza Gezani. Ankoatra ny fahavoazana nihatra taminy dia sahirana izy tamin'ny asa satria tsy misy ny sasa lamba azo atao. Noho ny fandraisany anjara tamin'ny asa tanamaro, ao anatin'ny fandaharanasa Asa vonjy voina, dia afaka nampidi-bola ihany izy niatrehana ireo filàna maika tao an-tokantrano. Ankehitriny, mirehareha izy fa afaka nikarakara ny tokantranony sady nandray anjara mavitrika, tamim-pamendrehana, tamin'ny fanadiovana ny tãana.

« Grâce à **Asa vonjy voina**, nous avons pu assurer l'essentiel pour notre famille »

Bemasy Marcelline a vu sa vie bouleversée après le passage du cyclone Gezani. Outre le sinistre, étant lessiveuse, il lui a été difficile de trouver du travail. En participant aux activités d'argent contre travail du programme Asa vonjy voina, elle a pu accéder à un travail temporaire générateur de revenus. Cela lui a permis de subvenir aux besoins essentiels de sa famille. Aujourd'hui, elle exprime sa fierté d'avoir pu prendre en charge son foyer tout en contribuant activement, avec dignité, au nettoyage de son quartier.

Bemasy Marcelline, mpisitraka/bénéficiaire
Asa Vonjy Voina, Ampasimazava, Toamasina

